Ny mpanozona dia tsy ho vavolombelona na mpanelanelana amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty

Tatitra azo avy amin'i Abo Darda' (R.A) niteny hoe : Izaho dia nahare an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Ny mpanozona dia tsy ho vavolombelona na mpanelanelana amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty."
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa izay manozona matetika an'izay olona tsy mendrika izany dia mendrika mahazo sazy roa : Ny voalohany : Tsy ho vavolombelona amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty ho an’ny vahoaka tamin'ny fampitan'ny irak'izy ireo ny hafatra tamin’izy ireo, ary tsy ho raisina eto an-tany ny fijoroany ho vavolombelona nataony. Noho ny fahalotoam-pitondran-tenany dia tsy mendrika ny ho faty maritiora izy, izay ady atao noho Allah. Faharoa : Tsy hanao fanelanelanana amin’ny andro fitsanganan’ny maty ny mpino rehefa mifona ho an’ireo rahalahiny izay mendrika ny amin’ny helo.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5495